

**VII.13. ARRETE N° 2971/95
du 13 juin 1995**

fixant les modalités d'application du décret n° 95-082 du 24 janvier 1995 portant réglementation des comptes en devises,
(*J.O. n°2707, du 26/06/95, p.1398*) **modifié par**
Arr. n° 5366/96-MFB/DGT/SSOC du 02 septembre 1996 (J.O. n°2416 du 24/2/97, p. 430)

Article premier. – Le présent arrêté a pour objet de fixer les modalités d'utilisation et de fonctionnement des comptes en devises prévus par le décret n° 95-082 du 24 janvier 1995.

Art. 2. – Toute personne physique ou morale peut ouvrir un compte en devises dans les livres des banques primaires locales, compte alimenté soit par des virements reçus directement de l'étranger, soit par des versements en numéraires ou en chèques de voyages ou bancaires, soit par des virements d'un compte en devises à un autre.

Art. 3. – Le compte en devises peut être utilisé librement pour toutes opérations de change, de règlements, de transferts ou d'arbitrage ainsi que pour tous retraits sous forme de chèque de banque ou de chèque de voyage.

Art. 4 (*Arr. n° 5366/96 du 02/09/96*)¹⁸. – Tout exportateur de marchandises peut garder dans son compte en devises 40 pour cent, 30 pour cent ou 20 pour cent de ses recettes d'exploitation selon que le rapatriement de devises ait lieu dans un délai de 1 mois, 2 mois ou 3 mois à compter de la date d'embarquement des marchandises; le reliquat doit être cédé sur le marché des changes.

Cette part est fixée à 20 pour cent pour ce qui concerne les devises reçues en contrepartie des prestations autres que des exportations de marchandises. Les 80 pour cent sont cédés sur le marché interbancaire de devises avant le 10 du mois suivant chaque trimestre au cours duquel elles ont été rapatriées ou encaissées.

Art. 5. – Le compte en devises indiqué à l'article 2 ne peut être alimenté que par des devises convertibles et acceptables par la Banque. Il ne doit ni présenter un découvert ni être crédité par des francs malagasy.

**VII.14. DIDIM-PITONDRANA N° 2971/95
tamin'ny 13 Jona 1995**

mametra ny fombafomba fa-mpiharana ny didim-panja-kana laharana faha 95-082 tamin'ny 24 janoary 1995 manisy fitsipika momba ny fitanana kaonty amin'ny vola vahiny (Idem)

Andininy voalohany. – Ity didim-pitondrana ity dia natao hametra ny fombafomba fampia-sana sy fampandehanana ny kaonty amin'ny vola vahiny voala-zan'ny didim-panjakana laharana faha 95-082 tamin'ny 24 janoary 1995.

And. 2. – Ny olon-drehetra na fikambanana dia mahazo mano-katra kaonty amin'ny vola vahiny ao amin'ireo banky tsootra eto an-toerana. Io Kaonty io dia azo vatsi-ana na amin'ny alalan'ny fidiram-bola an-kaonty voaray nivantana avy any ivelany, na amin'ny alalan'ny fandrotsahana lelavola na sheky amin'ny mpivahiny na shekin'ny banky amin'ny alalan'ny fampiseranana rotsa-bola aminà kaonty iray amin'ny vola vahiny mankamin'ny kaonty iray hafa.

And. 3. – Ny kaonty amin'ny vola vahiny dia azo ampiasaina malalaka amin'ny fanakalozam-bola, amin'ny fanefam-bola, ny fandefasana an-toeran-kafa na fanelanelanana ary koa ny fisin-tonam-bola aminà shekin'ny Banky na sheky ho an'ny mpivahiny.

And. 4. – Ny mpanondrana entam-barotra rehetra dia afaka mitahiry ao amin'ny kaontiny amin'ny vola vahiny 20 isan-jato, 15 isan-jato na 10 isan-jato ny vola ny vola niditra tamin'ny fanondranany entana ka izany dia arakaraka ny fampodiana ny vola vahiny izay atao ao anatin'ny fe-potona 1 volana, 2 volana na 3 volana manomboka ny vaninandro nanondranana ny entana, ny ambiny dia tsy maintsy amidy eny amin'ny tsenan'ny fanakalozam-bola.

Io anjara io dia ferana ho 10 isan-jato ho an'izay ho an'izay mikasika ny vola vahiny voaray ho takalon'ny asa hafa ankoatra ny fanondranana entana any ivelany, ny 90 isan-jato dia tsy maintsy amidy eny amin'ny tsenam-bola vahiny ifanaovan'ny banky samy banky alohan'ny fahafolon'ny volana manaraka isaky ny roa volana izay vanim-potana nampo-diana na nandraisana azy ireo.

And. 5. – Ny kaonty amin'ny vola vahiny voatondro eo amin'ny andininy faha-2 dia tsy azo vatsiana raha tsy amin'ny vola vahiny azo atakalo sy eken'ny Banky. Io kaonty io koa dia tokony ho voavatsy na koa tsy ananan'olona vola.

¹⁸ Les délais de rétrocession fixés par cet article ont été supprimés par l'arrêté n°10.441/96/SSOC du 30 décembre 1996

Art. 6. – Les Banques sont autorisées à rémunérer les comptes en devises ouverts dans leurs livres dans les conditions qu'elles déterminent librement et qu'elles communiquent régulièrement aux titulaires de ces comptes. Le taux de cette rémunération doit être porté à la connaissance permanente du public.

Art. 7. – Avant le 10 de chaque mois, les Banques doivent communiquer à la Banque Centrale le solde global par devises des comptes ouverts dans leurs livres et le montant total des opérations enregistrées au débit et au crédit de ces comptes durant le mois précédent conformément au modèle en annexe.

Art. 8. – Sont abrogées les dispositions des arrêtés n°1937/94 et 4367/94 en date des 5 mai 1994 et 28 septembre 1994.

And. 6. – Omen-dalana ny Banky hanome tambiny amin'ireo kaonty amin'ny vola vahiny misokatra ao amin'ny bokiny araka ny fepetra izay faritany malalaka ary ampahafantariny ara-dalàna amin' ireo tompon'ny kaonty. Ny sandan' io tamby io dia tsy maintsy ampa-hafantarina foana ny besinimaro.

And. 7. – Alohan'ny faha-10 ny volana tsirairay, ny Banky dia tsy maintsy mampahafantatra ny Banky Foibe ny toe-bola ankapo-beny araka ny vola vahiny amin' ireo kaonty misokatra ao amin'ny bokiny ary koa ny totalin'ny habe-tsahan'reo asa voasoratra ao amin'ny mivoaka sy miditra ao amin'ireo kaonty ireo mandritra ny volana lasa mifanaraka amin'ny modely hita ao amin'ny tovana.

And. 8. – Foanana ny fepetra voalazan'ny didim-pitondrana laha-rana faha 1937/94 sy 4367/94 tamin'ny 5 mey 1994 sy 28 septambra 1994.

VII.14. ARRETE
N° 5366/96-MFB/SG/DGT/DOF/SSOC
du 3 septembre 1996

portant modification de l'arrêté n° 2971/95 du 13 juin 1995, ayant fixé les modalités d'application du décret n° 95-082 du 24 janvier portant réglementation des comptes en devises
(J.O.n°2416, du 24/02/97, p. 430)

Article premier. – Les dispositions de l'article 4 de l'arrêté n° 2971/95 du 13 juin 1995 ayant fixé les modalités d'application du décret n° 95-082 du 24 janvier 1995 portant réglementation des comptes en devises sont modifiées et remplacées par ce qui suit :

« **Art. 4 (nouveau)**¹⁹. – Tout exportateur de marchandises peut garder dans son compte en devises 40 pour cent, 30 pour cent ou 20 pour cent de ses recettes d'exportation selon que le rapatriement des devises ait lieu dans un délai de un mois, deux mois ou trois mois à compter de la date d'embarquement des marchandises ; le reliquat doit être cédé sur le marché des changes.

Cette part est fixée à 20 pour cent pour ce qui concerne les devises en contrepartie des prestations autres que des exportations de marchandises. Les 80 pour cent sont cédés sur le marché interbancaire de devises chaque trimestre au cours duquel elles ont été rapatriées ou encaissées. »

Art. 2. – Les modifications apportées à cet article 4 de l'arrêté n° 2971/95 sont applicables à compter du 30 septembre 1996.

VII.15. DIDIM-PITONDRANA N° 5366/96-MFB/SG/DGT/DOF/SSOC
tamin'ny 3 septambra 1996

anovana ny didim-piton-drana laharana faha 2971/95 tamin'ny 13 jona 1995 mametra ny fombafomba fampiharana ny didim-panjakana laharana faha 95-032 tamin'ny 24 janoary 1995 mikasika ny fitsipika itanta-nana ny kaonty amin'ny vola vahiny (*Idem*)

Andininy voalohany. – Ny fepetra voalazan'ny andininy faha-4 amin'ny didim-pitondrana laharana faha 2971/95 tamin'ny 13 jona 1995 nanoritana ny fombafomba fampiharana ny didim-panjakana laharana faha 95-082 tamin'ny 24 janoary 1995 manisy fitsipika momba ny fitanana kaonty amin'ny vola vahiny, dia ovàna sy soloina toy izao manaraka izao :

« **And. 4 (vaovao).** – Izay rēhetra manondrana entana dia mahazo mitana ny kaontiny amin'y vola vahiny efapolo (40), telopolo (30) na roapolo (20) isan-jaton'ny vola azony tamin'ny fanondranana entana raha vita tao anatin'ny iray, roa na telo volana nanomboka tamin'ny vaninandro manon-dranana ny entana ny fampo-diana ny vola vahiny, ny ambiny dia tsy maintsy hatakalo eo amin'ny tsenam-barotra amin'ny vola vahiny.

Ferana ho roapolo (20) isan-jatony io ampahany io amin'izay mikasika ny vola vahiny tambim-bidin'ny fisahanan-draharaha hafa noho ny fanondranana entana. Ny valopolo (80) isan-jatony dia hamidy amin'ny tsenam-barotra amin'ny vola vahiny iraisan'ny banky isaky ny telo volana nampodiana na nandraisana ny vola. »

And. 2. – Hampiharina manom-boka ny 30 septambra 1996 izao fanovana natao tamin'ny andininy faha-4 amin'ny didim-pitondrana laharana faha 2971/95 izao.

¹⁹ Les délais de rétrocession fixés à l'article 4 sont supprimés par l'arrêté n° 10-441/96/SSOC du 30 décembre 1996.

TOVANA I

BANKY FOIBEN'I MADAGASIKARA

MPANAO FANAMBARANA.....

RAHARAHA NATAO ANDROTRY NY .../.../19...
(Tetibidiny amin'ny vola vahiny)

VOLA VAHINY	FIVIDIANANA			FANDAFOSANA		
	Tondro- sandany	Habetsahany	Setribidiny amin'ny Ia	Tondro- sandany	Habetsahany	Setribidiny amin'ny Ia
		TONTALINY			TONTALINY	

Sonian'ny manamahefa sy fitomboka

ANNEXE II

BANQUE CENTRALE DE MADAGASCAR

DECLARANT.....

POSITION DE CHANGE AU 19... soir
(Contre-valeur en millions de FMG déterminée suivant les
derniers cours indicatifs publiés par la Banque Centrale)

Achats du jour	
Ventes du jour	
Position de clôture	
Dont : <ul style="list-style-type: none">- Numéraire- Compte bancaire- Chèques de voyage à encaisser	

Signature autorisée et cachet

TOVANA II

BANKY FOIBEN'I MADAGASIKARA

MPANAO FANAMBARANA.....

TOETOETRY NY FANAKALUZAM-BOLA NY19.... hariva
(Setribidiny amin'ny iray tapitrisa Iraimbilanja ferana araka
ny tondro-sandany farany navoakan'ny Banky Foibe)

Novidiana androany	
Lafo androany	
Toe-bola am-pamaranana	
ka : - Lelavola - Kaonty amin'ny Banky - Shekim-pivahiniana ho raisina	

Sonian'ny manamahefa sy fitomboka

ANNEXE III

BANQUE CENTRALE DE MADAGASCAR

DECLARANT.....

RESULTAT DE CHANGE AU 19.... soir
(Montant en millions de FMG)

Méthodologie :

- a.** Le résultat cumulé à J-1 correspond au bénéfice ou à la perte de change réalisé(e) depuis le début de l'exercice ;
- b.** Les prix des achats et des ventes sont les montants effectivement encaissés ou décaissés en franc malgache ;
- c.** La contre-valeur de la position de change finale est déterminée suivant les cours indicatifs les plus récents publiés par la Banque Centrale ;
- d.** La contre-valeur de la position de change initiale et celle de la position finale à J-1.

(1) Résultat cumulé à J-1	
(2) Contre-valeur de la position initiale	
(3) Prix des achats	
(4) Prix des ventes	
(5) Contre-valeur de la position finale	
(6) Résultat de change de la journée = { (4)+(5) } - { (2)+(3)}	
Résultat cumulé à J = (1)+(7)	

TOVANA III

BANKY FOIBEN'I MADAGASIKARA

MPANAO FANAMBARANA.....

VOKATRY NY FANAKALUZAM-BOLA NY.....19.... hariva
(Amin'ny tapitrisa Iraimbilanja)

Fomba arahina :

- a. Ny vokatra tambabe amin'ny A-1 dia mifanandrify amin'ny tombom-barotra na fiantoka amin'ny fanakalozam-bola vita hatramin'ny fiandohan'ny taom-piasana ;
- b. Ny sandan'ny fividianana sy ny fandafosana dia ny tena noraisina tokoa amin'ny Iraimbilanja Malagasy ;
- d. Ny setribidin'ny fanakalozam-bola amin'ny farany dia faritana araka ny tondro-sandany vao navoakan'ny Banky Foibe indrindra ;
- e. Ny setri-bidin'ny fanakalozam-bola am-boalohany dia ny toeroetrany farany amin'ny A-1.

(1) Vokatra tambabe amin'ny A-1	
(2) Setribidiny am-boalohany	
(3) Sandan'ny fividianana	
(4) Sandan'ny fandafosana	
(5) Setribidiny amin'ny farany	
(6) Vokatry ny fanakalozam-bola ankoatr'io=[(4)+(5)]-[(2)+(3)]	
Vokatra mitambabe amin'ny A=(1)+(7)	